Jesosy Irery Ihany

«INDRO IZAHO HOMBA ANAREO MANDRAKARIVA… »(matio 28:20)

Ho an'ny mpianakavin'ny finoana FLM Paris

Ry hava-malala ao amin'ny Tompo,

Ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy tompontsika.

Maniry dia maniry tokoa isika ny hiara-hankalaza ny krisimasy any am-piangonana, nefa noho anto-javatra iaharantsika mahalala, dia matanjaka be ny fiparitahan'ny valan'aretina amin'izao fotoana (variant Omicron), ary koa satria misy amin'ireo havantsika sy namantsika izay tratrin'ny tsy fahasalamana.

Noho izany, dia nivory vonjimaika ny birao ary voatery naka  fanapaha-kevitra sy fandaminana mba hitsinjovana ny fahasalaman'ny maro ary koa ny tsirairay, sy hanajantsika ny lamina rehetra apetraky ny fitondram-panjakana ary koa hitsinjovana ny fifaindraisantsika amin'ny tompontrano.

Toy izao ny fepetra sy fandaminana:

➢ Hikatona ny Fiangonana :
- ny Zoma 24 desambra 2021 ( fankalazana ny sasakalina)
- ny asabotsy 25 desambra 2021 (fankalazana ny krismasy)
- ny alahady 26 desambra 2021
- ny alahady 02 Janoary2022

Ka ny alahady 09 janoary 2022 indray vao hisokatra sy miverina any am-piangonana ( presentiel )

➢ Mandritra ny  fotoana voalaza hikatonan'ny fiangonana ireo dia hotanterahina amin'ny alalan'ny Zoom ary koa azo arahina amin'ny Facebook ny fotoana rehetra.

➢ Rehefa hisokatra ny fiangonana, manomboka ny alahady 09 janoary 2022, dia:
- tsy maintsy hisoratra anarana ny tsirairay.
- Tsy maintsy mitondra tets PCR négatif (valable 48h) na koa test antigénique n égatif (valable 24h).

➢ Hisy cagnotte hosokafana manomboka ny zoma 24 desambra 2021 izao ka hifarana ny asabotsy 08 janoary 2022 ho an'izay maniry hanatanteraka fanatitra mandritran'ireo fotoana mampihidy ny fiangonana ireo.

Ny fiombonantsika ambavaka miara mitondra izao fotoana sarotra izao no hanehoantsika ny

firaisana sy ny fifankatiavantsika.

Koa dia mampahery antsika rehetra amin'ny alalan'Ilay tiantsika, sady tsy mahafoy na mahasataka antsika na dia mandalo ady sarotra, dia eo foana Jesosy araka ny Teniny hoe « Indro Aho homba anareo mandrakariva ambara-pahatonga ny fahataperan'izo tontolo izao. », araka ny Teniny etsy ambony.
Ho aminareo ny fiadanana.

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. Amena!

Amin'ny anaran'ny komity FLM Paris.

Pastora RAHARIJAONARIVELO Edmond.